# Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina

*Tari-dalana sy Tahirin-kevitra*

## Vavaky ny Mpamaky Lay: Manaraka ny diany

Telovolana faharoa 2020

Sabata, 4 Aprily

*Fifohazana*
*& Fanavaozana*

# Votoatiny

| | |
|---|---|
| Fa nahoana no Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina? | 3 |
| Soso-kevitra momba ny Tari-dàlana | 4 |
| Soso-kevitra momba ny fandaharana | 5 |
| Fanampiny | 7 |
| Toriteny / Fisaintsainana: "Manaraka ny Diany" | 8 |
| Fijoroana ho vavolombelona mandritra ny fotoam-bavaka | 11 |
| Drafitry ny Vavaka: "Vavaky ny Mpamaky Lay" | 13 |
| Fanasana ho amin'ny fifadian-kanina sy vavaka (manaova dika mitovy pirinty ary zarao amin'ny mambra ny herinandro mialoha) | 15 |

## Fa nahoana no Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina?

Alaivo sary an-tsaina hoe ray aman-dreny ianao handao ny zanakao, fantatrao fa tsy hahita azy ireo intsony mandra-pahatongan'ny fanjakan'ny lanitra. Inona no zavatra lehibe indrindra azonao lazaina aminy?

Nanana io olana io i Jesosy rehefa niomana hiverina any an-danitra izy taorian'ny nanomboana azy tamin'ny hazo fijaliana. Inona ilay enta-mavesatra amin'ireo teny farany nataony tamin'ny mpianany? Rehefa mamaky ny vavaka farany sy ny torohevitra farany ao amin'ny Jaona 15-17 isika, dia mahita lohahevitra miverimberina: firaisana sy fitiavana ary fikatsahana an Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Nirin'i Jesosy mafy hahatonga ny fiangonany vao teraka mba hivondrona ao anatin'ny tanjona iray, ao anaty firindrana ary iraka iray. Ankehitriny, isika koa, noho ny toe-javatra maro mifamahofaho tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, sy ny firenentsika ary ny fiangonantsika, dia mila mihaino ny torohevitr'i Jesôsy mba hitady ny Fanahiny ary hivondrona hamita ny iraka. Toa mampatahotra sy tsy ho azo tanterahina ny adidy atrehintsika. Izany no antony tsy maintsy hivavahantsika mihoatra noho ny tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampiraisana izay Andriamanitra irery no afaka hitondra azy.

Manasa anao izahay hivavaka "ao amin'ny efi-tranonao." Manasa anao izahay hivavaka miaraka amin'ny fianakavianao ao amin'ny fiangonana misy anao. Ary manasa anao izahay ho amin'ny hetsika maneran-tany fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ho amin'ny Fifohazana sy Fanavaozana. Angamba ianao tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka tsy mikasika na inona na inona. Angamba hifady tsy hihinana tsindrin-tsakafo na hanaraka haino aman-jery ianao, na hihinana kely fotsiny sakafo mifototra amin'ny zava-maniry mandritra ny fotoana fohy.

"Ankehitriny ary hatramin'ny fiafaran'ny andro, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra sy hentitra kokoa, misokatra kokoa, tsy matoky ny fahendreny, fa miantehitra amin'ny fahendren'ny Tompony. Tokony hanokana andro izy ireo hanaovana fifadian-kanina sy vavaka "(*Ellen G. White, Review and Herald, 11 feb. 1904*).

Satria misafidy ny hifantoka bebe kokoa amin'ny vavaka ianao dia hitahy anao sy hampatanjaka ny fonao Andriamanitra hiatrehana ny andro sarotra amin'ny ho avy.

Cindy Tutsch
Ho an'ny Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

## Soso-kevitra momba ny Tari-dalana

**Fandaharana ho an'ny tontolo Andro**:

• Misy toriteny/ fitaovana hanaovana fisaintsainana , "*Manaraka ny Diany"*, ampiarahina ato amin'ity tahirin-kevitra ity. Azo ampiasaina ho amin'ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina na hanaovana fisaintsainana mialoha ny fotoam-bavaka. Azo ampiasaina amin'ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina; misy soso-kevitra omena eto ambany momba ny vakiteny fototra sy tantara ho an'ny ankizy .

• Misy soso-kevitra momba ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro. Manoro hevitra izahay ny hanaovana mandritra ny ora 1 na 2; maro no manao drafitra hiara-mivavaka fotsiny mandritra ny tolakandro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika.

• Manaova dika mitovy ary zarao ny fampahalalana momba ny fifadian-kanina farafahakeliny herinandro mialoizany mba hahafahan'ny mambra mahatakatra ny atao hoe fifadian-kanina sy fiaraha-mivavaka ary misafidy ny fomba tian'izy ireo hidirana amin'ny fifadian-kanina
nandritry ny andro. Misy torolàlana omena ao amin'ny pejy fanampiny.

• Manaova dika mitovy ny amin'ny tahirin-kevitra "Drafitry ny Vavaka: Vavaky ny Mpamaky Lay" ary ny "Fijoroana Vavolombelona ho amin'ny Fotoam-bavaka ”ho an'ireo mpanatrika.

**Andalan-tSoratra Masina ho vakiana**: 2 Tantara 7:14

**Tantara ho an'ny Ankizy:** tantarao ny fomba namalian'Andriamanitra ny fivavahan'i Daniela tamin'ny niarovany azy tamin'ny liona.

*Hevitra hasongadina:*

*• Lazao fohifohy ny amin'ny nandravana an'i Jerosalema noho ny tsy fahatokian'i Joda.*

*• Nahatoky tamin'ny vavaka sy ny Tenin'Andriamanitra i Daniela*

*• Nivavaka intelo isan'andro nanandrify an'i Jerosalema i Daniela (Daniela 6:10).*

*• Ny fiainan'i Daniela dia voaova tamin'ny alalan'ny fiarahana tamin'Andriamanitra, ka tsy afaka nahita hadisoana tao aminy ny fahavalony (Daniela 6: 4).*

*• Andriamanitra dia namonjy an'i Daniela tamin'ny liona araka ny nampanantenaina ao amin'ny 2 Tantara 20: 9.*

*• Ireo izay manana ny toetran'i Jesosy, amin'ny alalan'ny fifandraisana Aminy isan'andro sy ny fahatokiana dia hiara-miaina Aminy mandrakizay (Daniela 3:17, 18).*

*• Raha ataontsika loha-laharana ny fitadiavana ny fanjakan'Andriamanitra dia homeny izay ilaintsika (Matio 6:33).*

*Anontanio ny ankizy raha maniry ho toa an'i Daniela izy ireo ary manokàna fotoana hanaovana vavaka. Manaova vavaka fohy ary angataho amin'Andriamanitra ny toetran'i Jesosy - tahaka an'i Daniela ihany.*

# Soso-kevitra momba ny fandaharana

**Toerana**: Azonareo atao ny mivory ao am-piangonana, eny ivelany eny ambany alokaloky ny hazo, na raha kely ny vondrona misy anao, dia mivoria ao amin'ny efitrano mampahazo aina manokana ary tsy misy fanelingelenana.

**Fanokafana**: Ny hira sy feon-kira dia manome mandrakariva rivo-piainana mety ho amin'ny fiankohofana, koa atombohy amin'ny hira fiderana vitsivitsy manome aingam-panajana sy mandrisika hitady an'Andriamanitra. Iangavio ny mambra hizara fijoroana ho vavolombelona fohy 30 segondra momba ny vavaka voavaly na fiderana an'Andriamanitra eo anelanelan'ny hira.

**Fiarahabana tongasoa**: tokony handray ny olona tonga ny tompon'andraikitra ary mizara toro-marika vitsivitsy:

- Fotoam-bavaka sy fitadiavana an'Andriamanitra izao.

- Izay rehetra ifampizarana dia tsiambaratelo ka tsy tokony zaraina eny ivelan'ny efitrano.

- Aza mandray fangataham-bavaka mialohan'ny fotoana. Hazavao fa fotoana tokony hivavahana izao, fa tsy iresahana, ka ny antom-bavaka dia tononina mandritra ny fotoam-bavaka fa tsy resahina mialoha.

- Atao izay mampahazo aina. Aza misalasala ny manova toerana — mipetraka, mandohalika, sns.

- Atrakao ny lohanao rehefa mivavaka ianao. Mivavaha mafy mba ho ren'ny hafa.

- Ny vavaka dia mihoatra noho ny tenintsika fotsiny. Takio ny Soratra Masina ary mivavaha ho an'ny teny fikasan'Andriamanitra. Manaova andininy iray na roa amin'ny hira iray, miaraka amin'ny mpandray anjara hafa.

- Rehefa misy mivavaka ho an'ny filàna iray na olona iray, dia asaina ny olona hafa hanampy ny azy manokana koa ary hanandratra mafy izany filàna na olona iray izany amin'ny feo avo. Misy hery amin'ny fandrenesana ny hafa mivavaka ho an'ny filàna sy ny olona ao am-ponao (Matio 18:19).

- Takio ny fiainana madio, ny fahafoizan-tena ary ny fanompoan'i Kristy ao amin'ny vavaka (Jaona 14:14; Apokalypsy 8: 3).

- Araka izay azo atao dia ampiasao ny fanononana ny hoe "izahay," "isika," ary "anay," fa tsy ny "izaho," "aho", ary "ny ahy" (Matio 6: 9-13) ao amin'ny vavaka.

- Ny lohahevitra amin'ny tolakandro dia ny "Vavaky ny Mpamaky Lay." Ataovy mifandimby ny famakiana ny torolàlana momba ny fijoroana ho vavolombelona. Dia mivavaha ho an'ny fianakaviana, ny namana, ny hafa, ary izao tontolo izao.

**Fanamarihana ho an'ny mpitarika:**

• Aza hadino fa tsara ny fahanginana amin'ny fotoam-bavaka. Aza mihevitra ny tsy maintsy hamenoana ny fahanginana rehetra na hampijanona ny fotoam-bavaka mialoha ny fotoana. Raha misy olona mitsambikina sy mivavaka haingana, ny hafa kosa dia mila fotoana kokoa vao mahazo aina hanonona vavaka amin'ny feo mafy. Rehefa misy fahanginana dia avelao handeha izany. Manisà segondra vitsivitsy - na dia 30 segondra fotsiny aza raha tsy mety aminao ny fahanginana – mba hahafahan'ny Fanahy Masina hanome aingam-panahy ny olona.

• Raha tsy zatra miaraka mivavaka ny vondrona misy anao, na mampiditra ny Soratra Masina na mihira mandritra ny fotoanan'ny vavaka, dia tokony hanome ohatra ianao. Na azonao atao ny miangavy olona hafa mialohan'ny fotoana mba hanome ny ohatra, amin'ny fanaovana vavaka fangatahana avy amin'ny tari-dàlana Fijoroana Vavolombelona na manomboka hira mandritra ny fotoam-bavaka. Raha laharam-pahamehana ny maka fotoana hivavahana, dia fotoana mety ihany koa izany hampianarana ny olona ny fiarahana mivavaka.

**Fisaintsainana**: Raha tsy mbola nozaraina ilay toriteny / vakiteny dia afaka mamaky izany ny mpandrindra na ny mpitarika voatondro alohan'ny fotoanan'ny vavaka.

**Fotoam-bavaka**: Misy tari-dàlana omena mandritra ny fotoam-bavaka, dia ny "Vavaky ny mpamaky lay". Ny mpitarika kosa dia tokony hitarika ny mpandray anjara amin'ny vavaka, manomboka amin'ny Tari-dàlana ho an'ny Fijoroana ho vavolombelona ary mampiasa ny drafitra ho modely.

**Famaranana**: Farano amin'ny fiderana sy fisaorana ny fotoam-bavaka. Mifidiana hira fiderana iray na roa hamaranana ny fandaharana.

Ny fiangonana sasany dia mety hisafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoam-bavaka mba hampitsaharana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra ny sakafo, fa ataovy manintona ny latabatra mba hampisy rivo-piainana manokana

# FANAMPINY

# TORITENY/FISAINTSAINANA

## Manaraka ny diany

*Nosoratan'i Richard Constantinescu, pasitora sy mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fanavaozana sy Fifohazana*

Nisy mpianatra tamin'ny seminera iray izay tsy nahazo ny mari-pahaizana ampy amin'ny matematika nandritra ny fianarany tamin'ny ambaratonga voalohany ka dia notoroana hevitra hanaraka fampianarana manokana momba ny *algèbre* amin'ny ambaratonga faharoa. Na dia nisalasala ny amin'izay mety ilàny matematika ho an'ny safidin'ny asany hataony aza izy dia nisoratra anarana tao amin'ny kolejy iray teo an-toerana izy mba hanomezana fahafaham-po ny fepetra takiana.

Vetivety izy dia nahita fa tia matematika! Azo inoana izany. Faly izy nahita fa ny olana matematika sarotra indrindra dia mety voavaha raha arahina ny dingana vitsivitsy madinidinika. Rehefa feno tsara ireo fepetra takiana dia nahita valiny marina hatrany izy. Tiany loatra izany zavatra izany ka dia nilaza hoe "Amena!" izy.

Nisy olona nilaza nanao hoe "Andriamanitra dia toy ny matematika - afaka miantehitra Aminy ianao." Marina izany! Ny Baiboly milaza fa "Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, Izay mitandrina fanekena sy famindram-po amin'izay tia azy ary mitandrina ny didiny, hatramin'ny taranaka arivo mandimby " (Deoteronomia 7: 9). Ny famindram-pony sy ny fangorahany dia "vaovao isa-maraina" (Fitomaniana 3:23). Lehibe ny fahatokiany. Ny fepetra apetrak'Andriamanitra dia ara-drariny sy feno famindram-po ary mitazona ny fampanantenany amin'ny fomba tsy miova Izy.

Ny 2 Tantara 7:14 dia fampanantenana misy firesahana matematika. Hoy Andriamanitra tamin'i Solomona: "RAHA ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako, ary hiala ratsy fanaony, DIA hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny ". Io andininy io dia ahitana ny fehezanteny matematika RAHA - DIA. Tsy mila maminavina ny vokany isika, raha toa ka tontosa ny fepetra. Rehefa feno ny fepetra takian'Andriamanitra, dia azo antoka fa hanaraka ny vokatra!

Andriamanitra dia manome voninahitra hatrany ny Teniny. Nandray an'Andriamanitra tamin'ny teniny ny mpanjaka Josafata ka nivavaka hoe, "RAHA manjo anay ny loza, na sabatra, na famaliana na areti-mandringana, na mosary ary hitsangana manatrika ity trano ity sy eo anatrehanao izahay (fa ny anaranao no ato amin'ity trano ity) ka hitaraina aminao amin'ny fahorianay, DIA hihaino Hianao ka hamonjy" (2 Tantara 20: 9). Andriamanitra dia niasa mahery ho an'i Josafata, izay nino ny mpaminaniny, ary hiasa mahery toy izany koa ho anao anio!

Taonjato maro taty aoriana, Andriamanitra dia nanome voninahitra an'io fampanantenana io tamin'i Daniela, izay nandray Azy tamin'ny teniny. Daniela dia babo tany Babylona avy tao an-tranon'i Joda. Tonga tamin 'ny tanin'i Daniela ny sabatra sy ny famaliana. Intelo isan'andro izy nanetry tena teo anatrehan'ny Tompo, tamin'ny faanaovana vivery ny fiainany, ary nivavaka nanatrika ny fitoerana masin'Andriamanitra. "Nandre sy nanampy" Andriamanitra ary nanafaka an'i Daniela tamin'ny fomba mahagaga tamin'ireo olona ratsy fanahy tany Babylona ary nanidy ny vavan'ny liona.

Miasa ny vavaka, raha manao izany isika! Raha tiantsika ny vokatr'izany, dia tsy maintsy tanterahintsika, amin'ny fahasoavan'Andriamanitra, ny fepetra. Andriamanitra dia Andriamanitry ny filaminana sy ny fandaminana. Tsy misy ampahan'ny fepetra amin'ny 2 Tantara 7:14 azo atao an-tsirambina raha tiantsika ny hahatanteraka ny fampanantenana mahatalanjona - ny fanasitranana ny olony. Tsy navelany ho tsy misy mpamonjy isika. Nirahiny ny Zanany Mandrakizay izay "nanetry tena" (Filipiana 2: 8), nampianatra antsika hivavaka, ary handeha amin'ny fankatoavana. Ankehitriny dia manasa antsika Izy mba "hanaraka ny diany" (1 Pet. 2:21) ary hiaina/hanao fanandramana ny vokatra azo antoka ny amin'ny tsy fivadihan'Andriamanitra.

Ny olon'Andriamanitra dia matetika no nahafahana ho valin'ny vavaka sy ny fibebahana. Tsy manana fotoana isika hiresahana ny amin'i Abrahama, Jakoba, Davida, Elia, Elisa, Estera ary ny fiangonana voalohany. Raha maniry hanana vokatra tahaka an'i Jesosy, sy ny apôstôliny ary ny fiangonany voalohany isika dia tsy maintsy manao tahaka azy ireo. Tsy maintsy manaraka ny dian'ireo mpino voalohany isika tahaka ny nanarahany an'i Kristy. Tsy misy fomba tsara hafa ankoatr'izany.

Ny fanandraman'ireo lehilahy sy vehivavy tia vavaka ao amin'ny Soratra Masina dia mety ho antsika koa ankehitriny. "Alohan'ny hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra farany amin'ny tany dia hisy fifohazan'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra eo amin'izay tsy mbola hita hatramin'ny andron'ny apostoly eo amin'ny vahoakan'ny Tompo " (*Hery Mifanandrina, p. 478*). Ny mpaminany Malakia dia nanambara mialoha fa ny fiangonan'Andriamanitra dia hiverina amin'ny toe-panahin'ny andro taloha. «Hanadio ny taranak'i Levy Izy sy handrendrika azy toy ny fandrendrika volamena sy volafotsy, ka dia ho an'i Jehovah ireny ho mpanatitra fanatitra amim-pahamarinana. Dia ho mamin'i Jehovah ny fanatitry Joda sy Jerosalema toy ny tamin'ny andro fahiny sy toy ny tamin'ny taona taloha " *(3: 3-4)*. Ankehitriny dia fotoana hananana fifohazana amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra tany am-piandohana!

Andriamanitra dia nampanantena fa haniraka an'i "Elia mpaminany dieny tsy mbola tonga ny andron'i Jehovah, ilay lehibe sady mahatahotra. Ary izy hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy " *(Malakia 4: 5, 6)*. Elia dia nanangana ny alitara ary nanorina indray ny fivavahana ary ny fiankohofana marina amin' Andriamanitra. Elia, alohan'ny zavatra rehetra, dia marihina ao amin'ny Soratra Masina toy ny olon'ny vavaka *(Jakoba 5:17).* Amin'izao andron'ny korontana izao, ny loza voajanahary ary ny faharatsiana ara-pitondran-tena dia tsy maintsy mikatsaka ny tena fifohazana sy fanavaozana isika.

Elia, tamin'ny vavaka nataony tany an-tendrombohitra Karmela, dia nivavaka tamin' Andriamanitry ny rainy, Abrahama, Isaka ary Isiraely (*1 Mpanjaka 18:36*). Raha te hanana ny Fanahin'i Elia isika alohan'ny fihavian'i Kristy fanindroany dia tsy maintsy mivavaka amim-panetren-tena sy mibebaka ka manao izany ho loha laharana mavitrika fa tsy fikasana tsara fotsiny . "Ny fandresena lehibe indrindra azo ho an'Andriamanitra dia tsy vokatry ny fonjan-kevitra efa niasa, na trano malalaka, na hery miasa mangina betsaka, na ny habetsahan'ny fitaovana; fa izany dia hita ao amin'ny efitrano fihaonana amin'Andriamanitra, rehefa mihazona ny sandry maherin'ny hery sy fahefana ny olona, amin'ny finoana matotra syfeno tebiteby " (*Gospel Workers (1915), p. 259*).

Resahina amintsika ny vavaka mahomby nataon'ireo Mpamaky Lay ao amin'ny fiangonana:

> “Rehefa nambara voalohany indrindra ny hafatry ny fahamarinana dia nivavaka be tokoa izahay. Impiry ny feon'ny fanelanelanana no re tany amin'ny efi-trano, tany amin'ny trano fitehirizana, na tany an-tsaha, na tany anaty ala.  Matetika izahay no nandany  ora maro nivavahana tamin-kafanam-po, roa na telo niara-nitaky ny teny fikasana ; matetika no re ny feon'ny tomany, ary ny feon'ny fisaorana sy ny hira fiderana (*Testimonies for the Church, vol 5, p. 161, 162)*.

Mba tsy hahatonga antsika hijanona ho afa-po fotsiny dia omena torohevitra isika,

> “Ankehitriny ny andron'i Jehovah dia akaiky kokoa noho ny tamin'ny vao ninoantsika, ka tokony ho matotra  kokoa isika, hazoto kokoa  ary hafana fo kokoa noho ny tamin'ny andro teo aloha. Lehibe kokoa ny loza mananontanona antsika noho ny tamin’izany. Mihamafy fo ny fanahy. Tokony ho vonton'ny toe-tsain'i Kristy isika , ary tsy tokony hitsahatra isika mandra-pahazoantsika izany ”(ibid).

Ny fanetren-tena sy ny vavaka dia ampahany amin'ny raiki-pohin’ny fifohazana ao amin'ny 2 Tantara 7:14. Amin'ny alalan’ny vavaka isika dia tsy maintsy mitady ny fanatrehan' Andriamanitra ao amin'ny Baiboly sy ny fanambaran’ny Fanahiny ary miala amin'ny fanao ratsintsika. Tokony hangataka sy handray ny fanomezan’ny fibebahana isika ary hitodika amin'ny fo manontolo amin’i Kristy mba hahazo fanasitranana.

Ny raiki-pohin'ny fifohazana dia tsy miova. Ny Fanahin'i Elia dia hiverina amin'ny fiangonan' Andriamanitra amin’ny andro farany. Afaka matoky ny drafitr'Andriamanitra isika ary mahafantatra fa tsy misy lalana manivaka na sandoka ho an'ny fifohazana nampanantenaina. Tsy maintsy mankatò Azy amin'ny fanetren-tena isika ary matoky ny soron'i Kristy. Maniry ve ianao ankehitriny ny hanana ny Fanahin'i Elia,  ny an'ireo patriarka sy mpaminany, ny an’i Kristy, ny an’ny apostoly ary ny an’ireo mpisava lalan’ny fiangonantsika? Andeha isika hiverina amin'Andriamanitra, tahaka ny  nivavahan’i Elia,  ary hanaraka ny diany, mba hahitantsika ny fifohazana mahery vaika nampanantenaina. Amena

# Fijoroana ho vavolombelona mandritra ny fotoam-bavaka

*Temoignages pour l'Eglise, vol. 9, p. 101-103*

Vao haingana, nifoha tamin'ny alina aho, ary nahita ny fahoriana niaretan'i Kristy ho an'ny olona. Ny sorona nataony, ny fanesoana sy ny fitenenan-dratsy natao taminyafvy amin'ireo noraisiny teo am-pelatanan'ny olon-dratsy, ny fahoriany tao amin'ny Sahan'i Getsemane, ny famadihana Azy sy ny fanomboana azy – dia naseho mazava avokoa teo anoloako.

Hitako Kristy teo afovoan'ny olona betsaka. Niezaka Izy ny hanaitra ny sain'izy ireo tamin'ny alalan'ny fampianarany. Saingy nohamavoiny sy nolaviny Izy. Nototofana teny ratsy sy fanaratsiana Izy . Nahatonga alahelo sy fahoriana fatratra tamiko ny nijery izany toe-javatra izany . Nanontany aho nanao hoe : "Inona no tokony hatao amin'ireto vahoaka ireto? Tsy mba misy fanahy ve hahafoy ny heviny manandratra tena ka hikatsaka ny Tompo tahaka ny zazakely? Tsy mba misy olona ve, amin'ny fo torotoro, hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ve amin'ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka? "

Naseho ahy ny fahorian'i Kristy tao amin'ny Sahan'i Getsemane raha indro ilay kapoaka mahagaga nangovitra teo an-tanan'ny Mpanavotra. "Raiko ô, raha azo atao," hoy izy nivavaka, "dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny anao. " (*Matio 26:39)*. Rehefa nitalaho tamin 'ny Rainy Izy, dia nisy ra nitete avy tamin' ny tavany teo amin'ny tany. Nitangorona nanodidina ny Mpamonjy ny herin'ny maizina mba hanakivy ny fanahiny.

Nitsangana avy tamin'ny tany i Kristy dia nankeo amin'ny toerana nisy ny mpianany, izay nohafarany mba hiambina sy hivavaka mba tsy resin'ny fakam-panahy. Tiany ho hita raha mba nahatakatra ny fahoriany izy ireo; nila fangoraham-pon'izy ireo Izy, nefa nahita azy ireo natory. Intelo Izy no nandeha teo amin'izy ireo, ary toy izany hatrany no nahitany azy.

Intelo ny Mpamonjy no nanonona ilay vavaka: "Raiko ô, raha azo atao, aoka hesorina amiko ity kapoaka ity." Teto ny ho anjaran'ity tontolo very ity dia nangovitra teo amin'ny mizana. Raha mandà hisotro ny kapoaka izy, dia ny taranak'olombelona no very mandrakizay. Nefa nisy anjely avy any an-danitra nampahery ny Zanak'Andriamanitra mba hisotro ny kapoaka mangidy.

Vitsy dia vitsy ny mahatsapa fa ireo fahoriana rehetra ireo dia nozakaina ho azy ireo manokana! Vitsy no milaza hoe: "Natao ho ahy ny nanaovana izany mba hahazoako mamolavola toetra ho an'ny fiainana mandrakizay."

Raha naseho teo anatrehako tamin'ny fomba manaitra ireo toe-javatra ireo, dia nieritreritra aho hoe: "Tsy ho afaka haneho mihitsy ity lohahevitra ity eo imason'ny olona araka ny tena izy aho ». Raha ny marina dia kely sady tsotra ny zavatra voambarako raha ampitahaina amin'izay naseho ahy. Raha mieritreritra an'io kapoaka io nangovitra teo an-tanan'i Kristy aho, dia kapoaka azony nolavina tsy ho sotroina ka namelany izao tontolo izao ho faty amin'ny fahotany, dia nivoady fa hanokana ny heriko rehetra mba hahazoana fanahy ho Azy.

Nidina teto an-tany i Kristy mba hijaly sy ho faty, mba hahatonga antsika, amin'ny alalan'ny finoana Azy sy ny fandraisana ho an'ny tenantsika ny fahamendrehany, ho mpiara-miasa amin'Andriamanitra. Ny tanjon'ny Mpamonjy, rehefa niakatra any an-danitra izay anaovany fanelanelanana ho an'ny olona, dia ny hanohizan'ny mpanara-dia azy ny asa efa natombony.

Moa ve ny kristiana tsy tokony haneho fahalianana manokana amin'ny fitoriana ny filazantsara ho an'ireo izay mitoetra ao amin'ny maizina? Misy mantsy vonona handeha any amin 'ny faran' ny tany mba hitondra ny fahamarinana amin' ny olona; nefa ny Tompo dia mitaky amin'ireo rehetra izay mahalala ny fahamarinana mba hiezaka ny hampiely izany manodidina azy ireo. Raha tsy vonona isika hanao sorona manokana mba hamonjy fanahy izay efa ho faty, ahoana moa no hitsarana antsika ho mendrika ny hiditra ao an-tanànan 'Andriamanitra?

Manana asa manokana tokony hatao ny tsirairay avy amintsika. Fantatro fa misy maro Ireo izay eo amin'ny toerana mety ilan'i Kristy azy, ka ny hany heviny tokana dia ny hitory ny hafatry ny fahamarinana ankehitriny. Nefa malahelo ny foko rehefa mahita olona maro afa-po amin'ny fiainana kristiana mahantra izay zara raha misy ezaka kely ao aminy . Ny fihetsik'izy ireo dia milaza fa ho azy ireo dia maty foana Kristy.

Raha tsy heverinao fa voninahitra ny mandray anjara amin'ny fijalian'i Kristy; raha tsy manavesatra anao ny fiahiana ireo fanahy izay efa ho faty; raha tsy vonona hanao tahiry faran'izay kely ianao hanohanana ny asan'Andriamanitra, dia tsy hisy toerana ho anao ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Mila mampihatra mandrakariva ny fandavan-tena isika ary miombona amin'ny fijalian'i Kristy. Tsy maintsy mitoetra ao amintsika ny Fanahin' Andriamanitra, ary tsy mitsahatra mitarika antsika amin'ny làlan'ny fahafoizan-tena

# Drafitry ny Vavaka: Vavaky ny Mpamaky Lay

**Fanokafana**: Ny lohahevitra momba ny vavaka eto ambany dia avy amin'ny Torolalana ho an'ny Fijoroana Vavolombelona, izay tokony hiarahan'ny tarika mamaky na vakian’ny isam-batan’olona. Ny mpitarika dia hizara ny lohahevitra amin'ireo mambra ao amin'ny tarika, na hanontany manokana amin’ny olona ny antom-bavaka tiany hivavahana. Ireo terem-panahy dia tsy maintsy manoratra ny mariky ny anarany eo amin'ny banga akaikin’ny antom-bavak'izy ireo, ary tokony ho marihin'ny mpitarika ihany koa izany. Ny mpiandraikitra ny tarika dia afaka manokatra ny vavaka amin'ny fisaorana an'Andriamanitra ho an’ny olona rehetra ao amin'ny efitrano ary fangatahana mba ho tahiana ny fo tsirairay. Alohan'ny hivavahan’ny olona iray momba ny lohahevitra iray vaovao dia tokony hiezaka hanaiky amin’ny feo mafy (*miteny Amena)* miaraka amin'ilay teo alohany. Aoka ho fohy foana ny vavaky ny tsirairay, aorian'ny iray na roa minitra.

1._______ Misaotra ny Tompo Jesosy noho ny fijaliany sy ny sorona nataony ho antsika (2 Korintiana 9:15).

2. ________ Mivavaka mba hahazo fahatakarana lalindalina kokoa an’i Getsemane sy Kalvary (Filipiana 3:10).

3. ________Mivavaka mba handraisantsika isan'andro an'i Kristy ary ho resy lahatra ny amin'ny fampianarany (Isaia 53: 1-3).

4. _______ Misaotra ny Tompo fa fony mbola mpanota isika dia maty ho antsika Kristy (Romana 5: 8).

5. _______ Mivavaka mba ho torotoro amin'ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka eo anatrehan'Andriamanitra ny fontsika (2 Korintiana 7:10, 11).

6. ______ Mangataka amin'Andriamanitra mba hatao amin'ny fiainantsika ny sitrapony, fa tsy ny sitrapontsika (Matio 26:39).

**Fotoam-bavaka misokatra - 10 minitra**: Rehefa nahavita vavaka ny terem-panahy farany dia manomboka ny fotoam-bavaka misokatra. Izany dia fotoana hampiakarana fangataham-bavaka hafa. Iangavio ny olona iray voatendry ho mpiandraikitra ny hira mba hanonona hira andininy iray hamaranana ny fotoam-bavaka misokatra.

7. ______ Mivavaka mba hanoherantsika ny fahamaizinana manodidina ny fanahintsika tahaka izay nataon’i Kristy (Jakoba 4 :7)

8. ______ Mivavaka mba hianarantsika mijery sy hivavaka, mba tsy handresen’ny fakam-panahy antsika (Mat. 26:41).

9. ______ Mivavaka mba hanohanan’ny anjely avy any an-danitra antsika amin'ny zava-tsarotra manjo antsika (Sal. 34: 7).

10. ______ Mivavaka mba hahatonga antsika, noho ny sorona nataon’i Jesosy, ho olona mendrika ny fiainana hoavy tsy mety maty (1 Korintiana 6:11).
11.______ Mivavaka mba hanokanantsika ny herintsika rehetra amin'ny asa

fahazoana fanahy ho an'i Kristy (Romana 1:14).

12.______ Mivavaka mba hahatonga antsika ho mpiara-miasa amin'Andriamanitra, amin'ny fampiharana ny finoana an'i Kristy sy amin'ny fandraisantsika ho an'ny tenantsika ny fahamendrehany (1 Korintiana 3: 9).

**Fotoam-bavaka misokatra - 10 minitra**: Ny mpitarika ny hira dia mihira andininy iray hamaranana ny fotoam-bavaka misokatra.

13. ______ Mivavaka mba hanana zotom-po hanao fandavan-tena manokana mba hitarika ny hafa ho amin'ny fahamarinana (Daniela 12: 3).

14. ______ Mivavaka mba hanana fanandramana sy fahalalana lalina an' Andriamanitra (Jaona 17: 3).

15. ______ Mivavaka mba handraisantsika ny Fanahin'Andriamanitra, hahafahantsika mitory ny Hafatry ny Anjely Telo (Apokalypsy 14: 6-12).

16. ______ Misaotra an'Andriamanitra noho ny voninahitra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fijalian'i Kristy (2 Korintiana 1: 5).

17. ______ Mivavaka mba hitoeran'ny Fanahy Masina amintsika (Isaia 11: 2).

18. ______ Mivavaka ho an'ireo mpitondra fiangonana, ireo solontena ary ny fiomanana faramparany amin'ny fivoriamben'ny Foibe Maneran-tany.

19. ______ Mivavaka ho an'ny tanintsika ao Fort-Dauphin (FMSO) izay misy olana, araka ny toromarika avy amin'ny Foibe.

**Fotoam-bavaka misokatra – 5 na 10 minitra**: Makà fotoana hisaorana sy hiderana an'Andriamanitra, miaraka amin'ny vavaka famaranana ataon'ny mpitarika. Andriamanitra hitahy anareo!

## Fanasana amin'ny fifadian-kanina sy vavaka

“Ankehitriny ary mandra-pahatongan'ny farany, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha (ho tonga saina) kokoa, tsy miankina amin'ny fahendren’ny tenany , fa amin'ny fahendren'ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana. Tsy voatery ho takiana akory ny fifadiana sakafo tanteraka, fa tokony hihinana sakafo faran'izay tsotra indrindra ” (*Counsels on Diet and Foods, p. 188-189*).

“Ao amin’ny Baiboly ny fifadian-kanina dia tsy safidy. Izany dia zavatra atolotra. Ny Matio 6:17 dia tsy milaza hoe: « Raha mifady hanina ianao », fa kosa, « Rehefa mifady hanina ianao ». Ny fifadian-kanina dia anisan’ny fomba fiainan'ny mpino hatrany, toy ny mivavaka sy mianatra Baiboly. Raha ny marina, ireo olo-malaza rehetra ao amin’ny Baiboly dia nifady hanina avokoa. Raha mianatra sy mandinika ny fifadian-kanina rehetra ao amin'ny Baiboly ianao, dia ho hitanao sy tsapanao fa isaky ny mivavaka sy mifady hanina ny vahoakan’ Andriamanitra, dia niasa tamin-kery ho azy ireo Izy. Avy amin'ny fanafahana azy ireo amin’ny ady amin’ny fahavalony hatramin'ny fanafahana avy any am-ponja amin’ny alalan’ny hery avy any an-danitra, hatramin’ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta, sy ny sisa, dia mahita modely isika. Ary izany sary izany dia miverimberina nandritra ny tantara kristiana ” (*Melody Mason, mpandrindra ny fandaharana United in Prayer ao amin'ny Foibe maneran-tany*).

Manasa ny mambra hiaraka aminay amin’ny andro fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ho an'ny fiangonantsika ary amin’ny fomba manokana ho an'ireo izay tiantsika hanana fahalalana an'i Kristy ao amin'ny tena fifandraisana marina izay mitondra mankany amin'ny famonjena sy ny fiainam-panoloran-tena amin'Andriamanitra. Andeha hiara-mivavaka ho an'ny zanantsika. Namantsika. Fianakaviana. Mpianolo-bodirindrina. Mpiara-miasa. Fiaraha-monina.

# Inona ny fifadian-kanina?

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy fihinanana. Raha ny marina, ny tena hamafisina sy hizingizinin’ny fifadian-kanina dia tsy ny handingana sakafo fa kosa hampitombo ny vavaka. Ny hoe mifady hanina dia misafidy ny tsy hanao zavatra hafa mba hahazoana mivavaka an-tsitrapo kokoa ary amin'ny fifantohana bebe kokoa. Betsaka ny misafidy handingana sakafo, saingy tsy ny rehetra no afaka manao izany karazana fifadian-kanina izany. Mety misafidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa sy maivana kokoa ianao. Na mety hifady zavatra iray na roa, toy ny tsindrin-tsakafo na sakafo voamboatra (amin’ny boaty).
Ny fifadian-kanina dia mety ahitana koa ny tsy fampiasana ny tambazotra sosialy, ny fahitalavitra, na ny fahazarana hafa izay mandany fotoana betsaka.

Raha misafidy ny hifady hanina tanteraka sakafo ianao (fa kosa ataonao azo antoka fa misotro rano ampy sy / na ranom-boakazo), ampiasao ny fotoana mahazatra laninao amin'ny fandrahoan-tsakafo sy ny fihinanana mba hivavahana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao,

ka isaky ny alaim-panahy te-hihinana an'io zavatra io ianao dia mivavaha ho solon'izany. Isaky ny alaim-panahy ianao hijery ny tambazotra sosialy, dia mivavaha.

Tsarovy fa ny fifadian-kanina dia tsy manome antoka fa hovaliana ny vavakao amin'ny fomba izay itiavanao azy. Ny fifadian-kanina tsy midika hoe te-hihaino antsika tsara kokoa Andriamanitra na hamaly soa antsika bebe kokoa. Ny fifadian-kanina dia mikasika ny zavatra mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika manokana. Izany dia mahatonga antsika hahatsapa bebe kokoa ny fahalementsika sy ny fiankinantsika amin'Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia miteraka finiavana momba ny vavaka ary mampahatsiahy antsika mba hanao vavaka mifantoka kokoa ny amin'ny zavatra lalina indrindra ao am-pontsika.

Manasa anao voalohany indrindra izahay mba hivavaka aloha ary hanontany amin' Andriamanitra ny amin'ny fomba tokony hifadianao - inona no asainy hialanao mba hahazoanao manokana fotoana bebe kokoa miaraka Aminy amin'ny vavaka?

Rehefa izany dia manasa anao izahay hiaraka aminay hanatrika fotoam-bavaka sy fifadian-kanina amin'ny maha-fiangonana. Na dia hisafidy ny tsy hifady na inona na inona aza ianao, dia tongava hiaraka aminay hivavaka indray andro monja. Manokàna fotoana alohan'ny fotoam-pivavahana ny Sabata mba hivavahana sy hiangaviana an'Andriamanitra hanomana ny fonao sy ny sainao. Asao izy hampiaiky anao ny amin'ny ota rehetra misy eo anelanelanao sy Aminy. Miaike azy ireo. Mangataha fanadiovana, fanasitranana ary famelan-keloka. Asao Izy haneho aminao izay olona tiany hivavahanao. Ento amin'ny fotoam-bavaka amin'ny Sabata hariva ireo anarana ireo, dia hiaraka aminao izahay hivavaka ho azy ireo.

Ny olona sasany dia tsy mahazo aina raha mivavaka amin'ny feo avo, noho izany dia aleon'izy ireo tsy manatrika ny fotoam-bavaka iombonana. Manasa anao anefa izahay hiaraka aminay. Afaka mivavaka am-pahanginana ianao, manandratra ny fangataham-bavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ny olona sy ny zavatra entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra sao « tsy dia tsara" ny vavaka ataony, fantaro fa tsy ny teny fotsiny ihany no henoin'Andriamanitra fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsaratsara" Izy fa mpivavaka tso-po izay mitady Azy. Raisiny na dia vavaka mihambahamba aza izay mahasolafaka antsika amin'ny fitenenana ka mety tsy "milaza zavatra araka ny tokony ho izy akory." Na dia tsy fantatsika aza ny zavatra tokony hivavahana dia mahafantatra Izy. Mandre sy mihaino Izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka.

"Ary lazaiko aminareo koa : raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona kahangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany "(Matio 18:19).

Liana fatratra izahay hiara-mivavaka aminareo.